

Jesoa Velona Ao Amin' i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information

Association Marie Reine des Coeurs



I ♥
Teny Malagasy

FRATELLI TUTTI

Viens, Esprit Saint,
montre-nous ta beauté reflétée en tous les peuples de la
terre, pour découvrir qu'ils sont tous importants, que tous
sont nécessaires, qu'ils sont des visages différents de la
même humanité que tu aimes. Amen !

Pape François, LETTRE ENCYCLIQUE **FRATELLI TUTTI**



« OMEO NY TOMPO NY VONINAHITRA SY NY HERY »

Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ

18 Oktôbra 2020

Alahady tsotra faha 29 mandavantaona – Taona A

SALAMO

(Sal 95 (96), 1.3, 4-5, 7-8, 9-10ad)

Fiv. / *Omeo ny Tompo ny voninahitra sy ny hery.*

Ihirao hira vao ny Tompo,
Ihirao ny tompo, ry tany tontolo.
Ambarao ny firenena ny voninahiny,
Ny asany mahagaga lazao ny vahoaka.

Fa lehibe ny Tompo, mendri-dera fatratra,
Izy no mahatahotra fa tsy ny sampy.
Ny andriamanitr'ireo firenena : tsinontsinona,
Ny Tompo kosa nanao ny lanitra.

Omeo ny Tompo, ry fokom-pirenena,
Omeo Azy ny voninahitra sy ny hery ;
Eny, omeo ny Tompo
Ny voninahitry ny Anarany.

Iankohofy ny Tompo amim-panamiana masina.
Mangovita eo anoloany, ry Tany tontolo,
Ilazao ny firenena : « Manjaka ny Tompo !
Ny vahoaka, tsarainy araka ny hitsiny ! »



Ity salamo atolotry ny litorjia antsika amin'izao alahady tsotra faha 29 mandavan-taona izao ity dia salamo tena mihira mihintsy ny Vaovao Mahafalin'ny Fanjakana. Hita ao avokoa ny teolojia manontolo fonosin'ny Bokin'i Izaia 2 (40-55), antsoina hoe : Boky fampiononana koa, izay nangalàna indrindra ny vakiteny voalohany amin'izao alahady izao. Ity salamo ity koa dia maneho taratra ny manodidina ny fiverenana tamin'ny nanaovana sesi-tany tany Babilôna, izay fotoana nanafahan'ny Tompo ny vahoakany tamin'ny fomba tsy nampoizina ka nisehoany fa mahery kokoa noho ireo andrimanitra babilônianina Izy.





Vao : ity famaritana toetra ity dia amin'ireo asan'Andriamanitra ihany no azo ampiasana azy. Andriamanitra irery ihany no afaka manome vao fa tsy ny olombelona ! Tsy azontsika atao ny mihira « hira vao » raha tsy ny momba ny fidirana an-tsehatra mahatapakaka ataon'Andriamanitra ao amin'ny tantara. Ho antsika koa, manomboka eo amin'ny fotoana nahatsapantsika fa niditra tamin'ny fiainantsika Andriamanitra no ahafahantsika mihira izany « hira vao izay ataon'ny Tompo ihany ao am-bavantsika izany » (Sal.39,4). Ao amin'ny Testamenta Taloha, ireo fampiasana ity teny momba ny asam-pamonjena ity dia miangona eo amin'ny vanim-potoana izay nanaraka ny fiverenana tamin'ny nanaovana sesi-tany, satria teo ny vahoaka no nahita ny halehiben'ny famonjena izay natokana tsy ho an'ny Israely ihany fa ho an'ny firenen-drehetra. Ny Boky Izaia faha-2 dia manambara amin'ny fomba mazava tsara izany zava-baovao izany : fa indro Aho hanao zava-mahagaga vaovao : efa hiposaka izy izao, tsy hahalala izany va ianareo ? (Iz.43,19).

Andao ary isika hiditra ao anatin'ny salamo :

Ny fitambaran'ireto matoateny amin'ny teny baiko ireto : ihirao, ambarao, omeo, iankohofy, mangovita dia manampy amin'ny fanomezana an'ity salamo ity endrika fanairana amin'ny fahatongavan'ny Tompo... ; satria tonga izy (v.13), izay tsy ho henontsika ao anatin'ny litorjia izany.

Ihirao, ambarao... mba mihirà e ! Fankalazana fety anie no anasàna antsika.

Hira vao : fomba fiteny hitantsika matetika ao amin'ny Baiboly ity (Sal.32, 3 ; 39,4 ; 143,9 ; 149,1 ; Iz. 42,10 ; Jdt. 16,13 ; Ap. 5,9 ; 14,3).

“” Ho antsika koa, manomboka eo amin'ny fotoana nahatsapantsika fa niditra tamin'ny fiainantsika Andriamanitra no ahafahantsika mihira izany « hira vao izay ataon'ny Tompo ihany ao am-bavantsika izany ».

Izany zava-baovao izany dia milaza indrindra fa Andriamanitra dia tsy hahatsiaro intsony izay fahotana, hiseho toy ny Andriamanitra mpamonjy izy, loharano ipoiran'ireo tsodrano vaovao. Izany no mahatonga ny salamo hiantso antsika hanambara ireo zava-mahatalanjona vitan'Andriamanitra ! Izay ataon'Andriamanitra dia mihoatra lavitra an'ireo asan'ny sampy rehetra satria ny sampy dia tsinontsinona ! (v.5)



Omeo : eny, manoloana ny asan'Andriamanitra, ahoana moa no tsy hirosoana eo Aminy miaraka amin'ireo fanatitra ataontsika, izany hoe ny fiainantsika manontolo, ilay fiainana izay nomeny antsika ihany sy izay hoentintsika eo Aminy tahaka ny fanaontsika isaky ny manolotra ny Eokaristia Masina isika ary mandritra izany, miaraka amin'ny fanolorana ireo fanatitra, dia ny fiainantsika no atolontsika amin'ny Tompo mba hatambany amin'ny Azy.

Aoka ary isika hanaiky hoentin'izany fientanana atolotry ny salamo antsika izany sy hankasitraka ny Tompo amin'ireo zava-mahatalanjona rehetra mbola tanterahiny ankehitriny ao amin'ny Fiangonany sy ao amin'ny fiainantsika tsirairay avy ary samy ho tonga koa iraky ny Vaovao Mahafaly. ■



“” ...ahoana moa no tsy hirosoana eo Aminy miaraka amin'ireo fanatitra ataontsika ...




ANKIZY – VAVAKA RAOZERY – FIADANANA

Avy amin'i Donata, de Lunghezza, Rome



ROMA, ITALIA - Donata no anarako, teraka tao Bari, 64 taona lasa izay. Niaina tao Roma, nanomboka nanambady an'i Angelo izaho; notahin'ny Tompo izahay tamin'ny fanomezany anay zanaka efa sy zafikely anankiroa; Nanokan-tena tamin'i Maria tato amin'ny Fianakaviam-be Montfortana izahay efa ho 20 taona mahery izay, tao amin'ny trano tao la Via Prenestina...Avy tamin'ity fanokanan-tena ity no teraka tao am-ponay ny fanomezana an-tsitraro, ho fanohanana ireo ankizin'ny Asa fanirahana Montfortana any Afrika, tany Malawi ny voalohany ary nandritra ny folo taona tany Madagasikara...Nandritra izany fotoana izany dia nanomboka nivory tao amin'ny trano senakla, tato amin'ny tranonay izahay, nanao ny vavaka Raozery niaraka tamin'ny namana, fotoana fohy taorian'izay, nomen'i Mompera Marco Pasinato alalana manokana izahay: hanao ny vavaka Raozery ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra, nankininy taminay ny Virjiny Mpivahinin'ny "Consacratio Mundi"; tamin'ity hetsika ity moa no nanaovanay ny Fanokanan-tena, niaraka tamin'i Mompera Michele, avy any Zagreb.






Ankehitriny, manandrana mamerina ny dia izahay, ny eritreritray manokana dia hiverina amin'ny hevitra tany am-boalohany vokatry ny fanilovan'ny Fanahy Masina telo taona lasa izay; miroso moramora izy io ary maka toerana araka ny sitrapon'Andriamanitra: misy amin'izany ny andro fankalazana iombonana ny fiadanana sy fandriam-pahalemana miaraka amin'ny ankizy amin'ny alalan'ny vavaka sy fanentanana amin'ny sapile, miaraka amin'ny satro-boninahitry ny Kaontinanta dimy, avy eo ireo tanora, ny vondrona sy ny sekoly, miaraka amin'ny fanentanana araka ny fanomezam-pahasoavany avy...

Taorian'ny nanombohana ny vavaka niaraka tamin'i Maria tato an-trano dia nanohy ny fitsidihany tamin'ny trano hafa maro koa ny Virjiny Mpivahiny, ny Fiangonana ary ny toerana fanaovana fivahinianana Masina (Marihinay manokana ny fanatrehany tsy tapaka tao amin'ny toerana fanaovana fivahinianana Masina Notre Dame de Fatima tao San Vittorino), tao San Raffaele anatin'ny sampan-draharaha RSA (Residenze Sanitarie Assistite), (amin'ny teny Frantsay: Résidences médicales Assistées / Toeram-pitsaboana Mpanampy), ao amin'ny Ivon-toerana iraisam-pirenena misahana ny Tanora ao San Lorenzo... Na taiza na taiza, dia voahaja hatrany ny fanasana nataonay amin'ny fiombonambavaka ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra.

Vetivety ny foko amin'ny maha reny sy amin'ny maha-Katesista ahy, dia lasa eritreritra tany amin'ny resaka fandalinam-pinoana momba ny fananaran'i Jesoa ao anatin'ny Evanjely "Avelao ny zaza hanatona Ahy..." dia nahatsapa faniriana hanao vavaka miaraka amin'ny ankizy amin'ny Raozery Masina, te hahafantatra hoe manao ahoana ny herin'ny vavak'izy ireo noho ny tena mbola fahadiovan'ny fony... Ity tolo-kevitra ity dia hita tanaty marimaritra iraisana rehefa nandeha ny fotoana ary nitohy tamin'ny fandraisana anjara tsy tapaka... Tao amin'ny Paroasy Trinite Masina Indrindra, toerana izay anaovako ny asa fanompoana, nivavaka izahay niaraka tamin'ireo Vondrona ao amin'ny Fandalinam-pinoana nandritra ny taona maro ary nandeha ihany koa izahay tany Porziuncola (Tany Assise) sy tany San Gabrielle.

Ny valan'aretina dia nanakana ity fironana ity tany am-boalohany...

Fa avy eo, noho ny fampiasana ny fitaovan-tserasera izay mety tsara sy azo atao, dia afaka namerina ny vavaka indray ny vondrona...



Ny andro anaovana vavaka ho an'ny fiadanana sy fandriam-pahalemana dia teraka nandritra ny fivoriana niombonan'ireo Relijiozy samihafa Fikambanana natao tany Assise, ary naorin'i Papa Joany Paoly faharoa ny 27 Oktobra 1986...Ity fahavononana hanohana vavaka ho an'ny Fiadanana sy Fandriam-pahalemana ity dia natsangana tanaty fifanakalozan-kevitra ary azo tohizina tsara amin'ny famporisihana ny ankizy sy tanora mba handray anjara...



Miaraka amin'ny fanohanana mavesa-danja sy fitiavana be izay ataon'ny vadiko amin'ny fanohanana ahy amin'ny fisahanana andraikitra marobe (raha tsy nisy ny fanohanany dia tsy vitako ny ankamaroan'ny asa fitoriana izay iantsorohako..), mifandray amin'ireo rehetra fantatro aho nandritra ireo taona nitoriako, isan'izany ny Tomponandraikitra ao amin'ny Radio Maria izay nankasitraka fatratra ny tolo-kevitra amin'ny handefasana amin'ny Onjam-peo ny Raozery izay iarahana amin'ny ankizy, mifandray amin'ireo ankizy any Syrie sy ny firenena hafa...

Taorian'ny fifandraisana samihafa natao, dia miandry valiny izahay, ary mandanjalanja... Ny fanantenana velona ao am-ponay dia ny zava-misy amin'ny fiainana ara-panahy Montfortana izay mety ho ampahany velona amin'ity fandraisana andraikitra ity... Anao manontolo aho, ry Maria!

Ny Fiadanana sy ny soa anie ho ao aminareo rehetra, ao amin'i Jesoa, Maria sy Josefa. ■



“” Miaraka amin'ny fanohanana mavesa-danja sy fitiavana be izay ataon'ny vadiko amin'ny fanohanana ahy amin'ny fisahanana andraikitra marobe (raha tsy nisy ny fanohanany dia tsy vitako ny ankamaroan'ny asa fitoriana izay iantsorohako..)...

**TOERAM-PIOFANANA « MONTFORT »
AO BOMANA, PORT MORESBY,
PAPOUASIE NOUVELLE GUINÉE (PNG)**

Frère Nirina Regnier Philip



Ankavia miankavanana: Frère Nirina, Blessius, Godwin, Anselm, Steven, Clifford sy Mompera Moko Martinus (Mompera miandraikitra ny Paroasy Md Martin avy any Pores ao Morata).



Tonga miaraka amin'ireo mpiofana Montfortana aty Bomana: (1) Mompera Aloisius Banggur (Lehiben'ny Delegasiona Jeneralin'ny PNG sy Pretra Tompom-paritany ao amin'ny Katedralin'ny Kiunga) ary (2) Mompera Mateus Juang, Misionera Montfortana miandraikitra ao amin'ny Diosezin'ny Daru-Kiunga.



Mompera Mateus (v), miaraka amin'ireo mponina manoloana ny Fiangonana izay naoriny. Amin'izao fotoana izao, manorina Fiangonana am-polony maro ao amin'ny tanàna maro izy ary mandray anjara amin'ny hetsika maro isan-karazany mifandraika amin'ny tohana ara-tsakafo ho an'ireo mponina ao amin'ny Diosezin'ny Daru-Kiunga.

PORT MORESBY, PNG - Nirina Regnier Philip no anarako, Frera misionera Montfortana. Hafaliana ho ahy ny maha eto PNG ny tenako. Tonga teto aho ny fiandohan'ny Volana Aogositra 2019. Fanindroany izao no naha-misionera ahy teto amin'ity firenena izay niasako teo aloha ity, nandritra ny taona maro, mialohan'ny nandehanako nihazo an'i Frantsa mba hanampy ny toeram-panofanana novisy iraisam-pirenena izay miteny Frantsay ao Montfort-sur-Meu.

Ankehitriny, manampy an'i Mompera Roy Millano aho, izy izay lasa niala sasatra any Manille, any Philippines amin'izao fotoana izao; izy no Tompon'andraikitra amin'ny Fanofanana ny Delegasiona Jeneralin'ny PNG. Amin'ny maha-Frera ahy, manampy azy amin'ny zavatra maro aho, ny asa-tànana rehetra, ny fikojakojana, fanaovana zaridaina...Miara-miasa amin'ireo mpiofana koa. Manome fiofanana ara-panahy amin'ny resaka fiantsoan'Andriamanitra ho Relijiozy ihany koa aho, amin'ny fampidirana sahady ny Baiboly sy ny Vavaka, ny tantaran'ny Fiangonana, ny fahaiza-miaina. Mizara ny fomba sy ny tantaran'ny Misionera Montfortana amin'ireo mpiofana aho araka ny fandaharana "Avia & Zahao". Mamita ny iraka sy ny asa izay mifandray amin'ny resaka ara-bola ihany koa aho. Ny valan'aretina covid-19 dia nanova zavatra marobe taminay. Nandritra ny fihibohana, nijanona tato an-trano izahay nandritra ny iray volana mahery. Andram-piainana vaovao ho an'ireo mpiofana eto aminay izy ity.

“” Isaky ny Alatsinainy hariva, miara-mivavaka sy manao fifampizarana mikasika ny aim-panahy Montfortana izahay. Amin'ity fotoana ity, mamaky sy mifampizara ny boky “Tena Fitiavana sy Fanajana ny Virjiny Masina” miaraka amin'ny Vondrona “Lahika Montfortana” izahay.

Isaky ny Alatsinainy hariva, miara-mivavaka sy manao fifampizarana mikasika ny aim-panahy Montfortana izahay. Amin'ity fotoana ity, mamaky sy mifampizara ny boky "Tena Fitiavana sy Fanajana ny Virjiny Masina" miaraka amin'ny Vondrona "Lahika Montfortana" izahay.

Manana fifandraisana maro any ivelany izahay amin'ny alalan'ireo Fikambanana Masina maro ao amin'ny Paroasy Md Martin avy any Pores, ao Morata, toy ny "Légion de Marie", ny Fikambanana "Divine Miséricorde", ary ny Fikambanana Lehilahy Kristiana...ary Kristiana ato amin'ny Paroasy maro...Ny Pretra miandraikitra an'ity ankohonam-piainana ity moa dia i Mompera Moko Martinus.

Eto Bomana, manana fifandraisana tsara amin'ireo ankohonam-piainan-dRelijiozy samihafa miisa valo amina fikambanana valo samihafa ihany koa izahay satria miara-miaina ato anatin'ny toby anankiray dia ny: OFM, Capucins, Dominikana, MSC, SVD, Saleziana, Pasionista, Ny Pretra Mikaelita ary farany ny seminaristan'ny Diosezy izay eo ambany fitarihan'ny Pretra Lazarista.

Ity manaraka ity dia fampahafantarana ireo mpiofana ho Misionera Montfortana miofana ato amin'ny toeram-piofanana "Montfort" eto Bomana.



Blessius KAMBANDUO no anarako, avy amin'ny Diosezin'ny Wewak, 25 taona. Miraka amin'ny Misionera Montfortana aho amin'ny fandaharan'asa "Avia & Zahao" amin'ity taona 2020 ity.

Izaho dia **Godwin DALE**, 32 taona, avy any amin'ny Nosin'ny Vokeo, anatin'ny faritany Atsinanan'ny Sepik, Paroasin'ny Mb Terezy Diosezin'ny Wewak. Isan'ny mangataka hiditra ho ato amin'ny Fikambanana Misionera Montfortana aho. Efa nahavita ny fianarana Filozofia roa taona aho ary ankehitriny dia taona voalohany amin'ny Teolojia. Isakin'ny Alahady, manampy ny vondrom-bavaka "Divine Miséricorde" aho amin'ny fivoriana ataon'izy ireo ao amin'ny Paroasy Md Martin avy any Pores ao Morata.

Anselm WAHINEJAUSE no anarako, 23 taona. Isan'ny mangataka hiditra ho ato amin'ny Misionera Montfortana, fahatelo taona niarahako tamin'izy ireo izao. Mianatra ny Filozofia ao amin'ny taona voalohany aho, ao amin'ny "Institut Théologique Catholique" Bomana, Port-Moresby. Ao amin'ny Paroasy, miandraikitra ny Fianarana Katesizy izay fiaraha-miasa amin'ireo Kristiana ao amin'ny Paroasy.

Martin Steven HIAMANGI no anarako. Avy amin'ny Diosezy Wewak, Negrie, Paroasin'ny Md Arnold Jansen. Amin'izao fotoana izao, 20 taona aho. Tamin'ity taona ity, tonga ato amin'ny ankohonam-piainanan'ny Misionera Montfortana eto Bomana aho, mba hanaraka ny fandaharan'asa "Avia ka Zahao".

Clifford KIBINEIK no anarako, 25 taona aho, teraka ny 14 Oktobra 1995. Avy any Andrefan'ny Sandawn, ao amin'ny Diosezin'ny Atipe. Tonga mba ho mpiofana ato amin'ny Misionera Montfortana ary mifampizara ny fandaharana "Avia ka Zahao".



“” **Bienvenu sy Majoric, izy roalahy ireto dia mpirahalaly avy aty amin'ny vondrona Afrikana miteny Frantsay izay manohy ny fiofanana Teolojian'izy ireo any Port Moresby mba tena ho tafiditra Misionera Montfortana ato PNG.**

Amin'izao fotoana izao, miandry ny fahatongavan'ny Frera Michael, Bienvenu ary Majoric avy any Manille izahay, miaraka amin'i Mompera Roy Michael izay nanao ny fiofanan'izy ireo Novisy tany Manille, ary vao avy nanonona ny voadiny voalohany. Bienvenu sy Majoric, izy roalahy ireto dia mpirahalaly avy aty amin'ny vondrona Afrikana miteny Frantsay izay manohy ny fiofanana Teolojian'izy ireo any Port Moresby mba tena ho tafiditra Misionera Montfortana ato PNG. Efa nanatsara ny fahaizan'izy ireo miteny Anglisy tany Manille izy ireo. Ny ankohonam-piainanay dia tena faly mandray azy ireo. Manantena izahay fa ity Covid-19 ity dia ho fongana tsy ho ela mba hahamora ny fandehanan'izy ireo hiondrana ho any Port Morebsy. ■

**FANAVAOZANA NY FANOKANAN-TENA AMIN'I JESOA,
TEO AM-PELATANAN'I MARIA VIRIJINY
SY FANDRAISANA AMIN'NY FOMBA OFISIALY IREO
MPIKAMBANA FANGAVAGNA MOTFORTANA MALAGASY**

P. Jean Claude RAMANDRAIVONONA, smm



TAMATAVE, Madagascar - September 1-2-3, 2020, is the day set aside to prepare for the renewal of the Dedication to Jesus in the hands of the Virgin Mary, numbering 6. And those officially received 29. So there are Laretirety was taken to prepare it during those three days. Jean Claude, smm, inspired it. Dedication was specifically considered.

Ka nojerena nandritra izany ny atao hoe fanokanan-tena miaraka amin'ny fanavaozana azy, ny fonosiny ny ny itarihany ary ny antony andalovana amin'i Maria Virijiny. Izany dia mitondra amin'ny fahalavorariana hoy Montfort : Noho izany, ny fanokanan-tena lavorary amin'i Jesoa Kristy, dia tsy inona akory fa fanokanan-tena manontolo sy lavorary amin'ny Virjiny Masina, na fanavaozana lavorary ny toky nomena tamin'ny batemy. Izany no fitiavana sy fanajana ampianariny. Rehefa avy nandalo ilay lasitra mba hohavaoziny, amin'ny maha mpanota, dia ho afaka hanokan-tena amin'i Jesoa Kristy. Eo ny ezaky ny tsirairay hiaina ny toky nomena tamin'ny Batemy nefa eo koa ny famindrampo sy fanovana avy amin'ilay Reny malala.

« Amin'ny voaary manontolo, dia i Maria irery no mitovy tanteraka amin'i Jesoa Kristy. Mazava loatra àry fa amin'ny fitiavam-bavaka rehetra, ny manampy ny olona hitoky kokoa amin'i Jesoa Kristy dia ny fitiavana sy fanajàna ny Virjiny Masina, ilay Reniny. Satria arakaraka ny anokanan-tena amin'i Maria no anokanan-tena koa amin'i Jesoa Kristy. » (VD 120). Raha tsorina dia manandaja ny laharana faha 120 ao amin'ny Fitiavana amim-panajana ny Virijiny Masina. Angatahin'i Montfort isika noho izany mba hiezaka ny hiaina hatramin'ny farany ny fanoloran-tenantsika amin'i Maria mba hoan'i Jesoa manontolo.




« » Noho izany, ny fanokanan-tena lavorary amin'i Jesoa Kristy, dia tsy inona akory fa fanokanan-tena manontolo sy lavorary amin'ny Virjiny Masina.

Ny zoma 04 septambra kosa dia natao ny fanavaozana lehibe izany fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'i Maria sy ny fandraisana ny mbikambana amin'ny fomba ôfisialy teo anatrehan'i p Jean Claude sy p. Paul. Tena nisongadina tamin'izany ny firotsahana amim-pinoana nataon'ny tsirairay. Satria natao endrika fanontaniana ny litorjia zay vao nanao ny fitokanan-tena tena izy. Vita izany dia nanao fiarahana miala hetaheta mba tena hifankafantatra sy hifankahazo ny mpikambana izay niisa 35sy ny pretra roalahy.

Nizotra an-kafaliana izany fotoana rehetra izany ary tao anaty firahalhiana feno fitiavana.

Andriamanitra Irery ■



**IREO ASAN'NY
FANKASITRAHANA**

1. Mihira sy miansa aho

Amin'ny fotoana rehetra, amin'ny toerana rehetra,
Tsy mijery olona,
Ireo zava-tsoa avy amin'Andriamanitra.
Indro Izy mihaino ahy, mihira mafy hatrany ry vavako ;
Ry voalahatra, andao hihira miaraka amiko,
Mihira isika, velominy ny finoantsika,
Ny fitiavana no mikasika antsika.

2. Avelao any, miangavy re,

Ireo mpanota tsy mahay mankasitraka,
Andosiro ny fiarahana aminy,
Tena kisoa matavy izy ireo,
Miletra ireo fananan'ny Tompontosika
Sady mafy fo,
Sy tsy mahay miteny misaotra Azy,
Ary tsy mankasitra Azy.

Teboka voalohany: Antony

3. Fankasitrahana toa inona

No omena ny Tompo?
Ny zava-drehetra ao amin'ny heriny,
Ny rehetra ao amin'ny fahalehibeazany;
Na tsy manana n'inoninona aza ny olona, mila tolotra izy.
Mba hankasitraka ny zava-tsoa avy Aminy
Ary mba hidera Azy mandrakizay,
Izay no hany angatahany.

4. Fantany ny fahalementsika,

Ny tsy fahatanterahantsika
Ny hakelezantsika
Ny fahantrantsika;
Tsy ilainy ho an'ireo fanomezany ny zava-mahagaga,
Ny tadiaviny dia ny hiderana azy
Ary ny ankasitrahantsika azy ireny:
Izay no hany afaka ataontsika.



5. Ny olona raha ny rariny,

Dia manana trosa amin'Andriamanitra mpanao soa azy,
Io sorona tonga lafatra
Avy amin'ny fo feno fankasitrahana;
Izay hanolorana ireo fiderana madio,
Izay hanononana ireo faniriana amin'Ilay Avo Indrindra,
Izay hidera an'Andriamanitra araky ny tokony ho izy
Toy ny amin'ny fanaon'ny anjely.

Teboka faharoa : Ireo fakan-tahaka

6. Jesoa nahatoky

Nanatanteraka ny adidy,
Izy no modely lehibe indrindra
Izay ananantsika;
Nanome voninahitra an'Andriamanitra Rainy Izy andro
aman'alina
Tao amin'ireo fanambarana nolazainy,
Tao amin'ireo fahagagana nataony,
Ireo no vavaka fanaony.

7. Araka ny mahavoafidy ny fanahy iray,
Arak'izay koa ny tamberin-bidiny,
Hita ao amin'i Maria izany
Izay feno fitiavana;
Na andro na alina Izy feno fankasitrahana,
Midera ny Tompony Izy,
Zarainy am-pitiavana izany Sy ny hery lehibe.

8. Ity Virjiny mahatoky
Manentana ny tsirairay
Hidera miaraka aminy
Ny mpanao soa iraisana aminy:
Andriamanitra feno fiderana izay no famonjena tsotra;
Olomasina maro no nanara-dia azy
Milaza matetika: Andriamanitra feno fiderana
Eh teny tena hazoana famonjena!

9. Ny Eglizy miady
Miaraka amin'reo olontsambatra
Ny Eglisy mandresy,
Mihira feno hasambarana:
Nohon'ny Andriamanintsika izay deraina sy
hankalazaina, Dera ho an'ilay mpahary antsika,
Dera ho an'ilay mpanavotra antsika,
Eh! Asa masina!

10. Ny fahasoavana sy ny zava-boahary
Maka ainga-panahy aminy,
Ny rehetra ao anaty bitsika
Raha tsy tody izy indray andro.
Ny renirano miditra ao amin'ny ranomasina toy ny izy
ao amin'ny reniny,
Ny voninkazo mijery ny masoandro
Sahala amin' ny mpikirakira amin'ny fitaovany,
Sahala amin'ny Ray.

11. Mody vovoka ny zava-drehetra
Izay nanamboarana azy,
Na ny kotroka aza
Mody miaraka amin'ny feo miraodraona.
Mba hampianatra ny olona mora maty handray sy
hamerina,
Hamerina amin'Andriamanitra, toy ny amin'ny andro
farany,
Ireo soa noraisina avy amin'ny tanany,
Tsy misy tazomina na raisina.

12. Ny zava-drehetra ety ambany mitondra antsika
Ho any amin'ity fiverenana ny fo,
Ary ny tany rehetra mitondra
Ny vokatry ny taniny ho an'ny mpiasa azy;
Izay manabe voho ny tany, hoy izy anakampo:
"Ho an'ny zezika nataonao sy ny asa tananao,
Homeko vokatra vaovao ianao;
Izay no fankasitrahako"

13. Ny biby hendry,
Ary feno fankasitrahana izy,
Na ireo bibidia aza
Na ireo ireo mahafatifaty;
Tehiziny ireo soa hevitra ary tahiry.
Hitantsika ao amin'ireo alika izany,
Ao amin'ny liona na orsa,
Izay vakiana anaty tantara.

14. Tia sy mankasitraka
Mety ho an'ny olona mora maty rehetra,
Tsy misy eto an-tany angamba
Mandeha ho azy toy izany.
Ireo Soa azo avy amin'ny olona mora maty manohina
ny fontsika,
Saingy, ireo soa azo avy amin'Andriamanitra,
Tsy manan-bava na fo akory isika,
Tena tsy fankasitrahana mahatsiravina !



Teboka fahatelo : Misoroka ny fahotan'ny tsy fankasitrahana Izy ary ny fahorian'ireo tsy mpankasitraka

15. Hita ny fankasitrahana
Ao anaty fo feno fanetren-tena,
Fa ny tsy fankasitrahana kosa
Ao anatin'ny avonavon'ny mpanota;
Ny fo feno fankasitrahana misoroka ireo ratsy
Sy ny fahorian'ny tsy mpankasitraka,
Mandresy izy amin'ny adiny,
Mahazo fanomezana ambony indrindra.

16. Ny olona tsy mahay mankasitraka very amin'ny fahoriany Sy ny soa avy amin'ny Tompo,
Ritra ny loharano Ireo fahasoavan'ny mpamonjy;
Andriamanitra manala aminy ny fahasoavany sy ny fahamarinany, Latsaka anaty fahajambana izy
Avy eo ny fahamafisam-po Ary anaty hatsana.

17. Ny fo tsara kosa mifanohitra amin'izany,
Mankasitraka lalandava,
Manosika an'Andriamanitra hanome azy
Fanomezana vaovao ;
Toy ny mamerina izay noraisiny izy, Andriamanitra tsy mitsahatra manome azy,
Tsy misy very izay soa noraisiny, Mandeha amin'ny hatsaram-panahy amin'ny hatsaran-toetra izy,
Hatramin'ny fandraisany ny satro-boninahitra.

18. Ireo nalam-baraka sahala
Amin'i Jodasy mampalahelo,
Ao amin'ireo soa tsy tambo isaina ananany
Mbola tsy mahay mankasitraka hatrany,
Saingy ireo voalahatra feno fankasitrahana,
Manao izay ho hataony any an-danitra izy ireo,
Maka tahaka ireo olontsambatra
Ao amin'ny fahasambarany.

19. Toro fahasoavana kely,
Ny fanomezan'Andriamanitra dia lehibe,
Ny olon-kendry manararaotra Ireo talenta kely;
Aza ampiasaina ireo fanomezan-pahasoavantsika sy maha izy antsika Mba hanafitohina ny Mpanjaka,
Fa tena haratsian-panahy,
Ary fanevatevana lozan-tany.

Teboka faha efatra : asa fankasitrahana

20. Derao sy omeo voninahitra
Andriamanitra noho ireo zava-tsoa avy Aminy,
Tsarovy lalandava ireo,
Ary diniho am-piadanana.
Omeo voninahitra Izy amin'ny toerana rehetra
nohon'ny hatsaram-pon-dray,
Fa tsy amin'ny avonavona na fizahozahoana,
Fa am-pahatsorana
Toy ny zanany mahatoky.

21. Inona no havaliko, ry anjely masina,
Inona no havaliko ny Tompo?
Tsy manana fiderana akory aho
Mendrika ny fahamboniany.
Eh! Afaka mahazo ny afonareo madio indrindra ve
Mba homeko Azy mendrika Azy,
Hiderako Azy andro aman'alina
Ho an'ny zava-boahary rehetra!

22. Derao Andriamanitra, ry fahefako,
Hankalazao Andriamanitra ry foko,
Fankasitrahana arivoarivo
Ho ilay Mpahary antsika.
Ry Kristianina, derao miaraka amiko ny fitiavany,
Izy no nanao antsika ho kristianina,
Izy no manome antsika ny soa,
Derao Izy noho izany tsy misy fetra.



23. Ireo olona tsy mahatoky,
 Ireo tsy mpankasitraka mampalahelo,
 Ireo mpanota mpikomy
 Hita amin'ny toerana rehetra izy ireo!
 Eh! na dia azo avy amin'Andriamanitra ny soa
 rehetra eto an-tany,
 Fa tsy midera ny mpanao soa azy
 Ary tsy mijery akory ny niavan'izany,
 Sahala amin' ny biby maloto.

24. Derao Andriamanitra, miangavy aho,
 Ho anay sy ho an'ny olona rehetra.
 Amin'i Jesoa sy Maria,
 Ampitonia ny hatezerany.
 Andeha hilaza: Andriamanitra feno fiderana, fa avy
 amin'ny fo tokoa,
 Toy ny rano anaty ranomasina,
 Toy ny singa anaty rivotra,
 Toy ireo voa fasika. ■




MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE
 E-mail: rcordium@gmail.com ; <http://www.montfortian.info/amqah/>

MOIS MISSIONNAIRE – OCTOBRE 2020

Me voici,
envoie-moi!



M O N T F O R T A I N S